GTT International 3

**Ny marina momba ilay rindrambaiko Predator novidin-dRajoelina**

Fanapotehana fananan'ny kandida 2

**Nanaraka ny fitoriana natao teny amin'ny Zandary ny kandidà Hajo**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 28 oktobra 2023 Laharana 1489 Vidiny : 600 Ar


Ny Valosoa sy Fakafaka 2

**Leo an-dRajoelina sy ny fitondrana mandimby azy izao ny maro**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Hetsiky ny Vondron'ny Kandidà 11 2

## Fanambarana lehibe anio maraina eny Antsonjombe




Raharaha kolikoly avo lenta tany Londres 2

## Niaiky ny heloka vitany Romy Voos talen'ny kabinetran-dRajoelina



Jirama Morondava 7

## Namoizana ain'olona sy naharavana fananana ny delestazy



Famaranana amboara eran-tanin'ny rugby 6

## Samy vonona ny All Blacks sy ny Springboks





Raharaham-pirenena 6

**Tsy hisy fifidianana eo raha tsy eo i Andry Raobelina**

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) 7

**Manana vahaolana amin'ny mampihitsoka ny firenena**

Daka kely



Tompondakan'ny fitsikilovana koa kay ialahy ry Boaikely a !

HETSIKY NY VONDRON'NY KANDIDÀ 11

# Fanambarana lehibe anio maraina eny Antsonjombe

Nahazo alalana tamin'ny Prefektioran'Antananarivo, raikitra fa ho eny Antsonjombe indray, anio maraina ny vondron'ny kandidà 11. Nanambara ny kandidà Roland Ratsiraka, fa hisy ny fanambarana lehibe mandritra izany fotoana anio eny amin'ny Coliseum izany. Fa omaly, teny Ambohitrarahaba, Ankadikely ary tao Sabotsy Namehana Antananarivo Avaradrano ny diabe am-pilaminana nataon'izy ireo. Ny alakamisy teo teny Anosy, Anosibe ary Namontana Boriboritany faha-4 ny diabe nataon'izy ireo. Vahoaka marobe hatrany no nanara-dia an'ireto vondron'ny kandidà ireto. Namafisin'izy ireo ombieny ombieny fa tsy maintsy handresy ny tolona, tsy maintsy ho tratra ny tanjona dia ny hivalian'ireo fitakiana atao: hisian'ny fifidianana madio tsy hisy hosoka, tsy hisy doublons, tsy misy biraom-pifidianana noforonina, fitsarana tsy mitanila, lalàna voahaja. Soloina ireo rafitra mitanila sy tsy mahomby: governemanta, CENI, hapetraka ny CES: Cour Electorale Speciale hitsara ny fifidianana. Ho voafidy amin'ny lalao madio, amin'ny fomba ara-dalàna ary eken'ny rehetra izay ho filohampirenena ho lany eo. Hapetraka ny fiarahamonina milamina tsy misy lonilony. Izany rehetra izany no atao dia mba ho tany tan-dalàna amin'izay i Madagasikara, voahitsakitsaka daholo tokoa amin'izao fotoana n any lalàna fototra: lalampanorenana, sy ny lalàna samihafa misy.




*Ny hetsiky ny vondron'ireo kandidà omaly, teny Avaradrano.*

**Isambilo**

Fanapotehana fananan'ny kandida

# Nanaraka ny fitoriana natao teny amin'ny Zandary ny kandidà Hajo




*Ny kandidà Hajo Andrianainarivelo sy ny mpisolovava azy.*

Nanoloana ny fanimbana ny fananan'ireo vondron' ny kandidà teny Andavamamba, nataon'ireo mpomba an'i Andry Rajoelina, nanaraka ny fitoriana izay nataon'ny vondron'ireo kandidà 11 teny amin'ny zandary omaly, ny kandidà Hajo Andrianainarivelo. Hoy izy:''tonga teto amin'ny Zandarimariam-pirenena izaho sy ny Mpisolovava nizaha hoe aiza ihany ny tohin'ny fitoriana nataoko taorian'ireny fanimbana fananan'olona nisesy ireny? Efa in-droa izay no nisy nanimba ny fiarako sy ny fiaran'ireo Filoha teo aloha roalahy, kanefa tsy misy tohiny mazava hatreto. Mailaka dia mailaka anefa izy ireo nisambotra olona amin'ny lainga marivo tototra, nilazàna fa nanitsaka olona ny fiaran'ny Filoha Marc Ravalomanana. Atsaharo ny fanaovana fitaovana politika ny Zandarimariam-pirenena sy ny foloalindahy amin'ny ankapobeny, sahia isika mandray fanapahan-kevitra". Tsy tokony hisy fitanilana amin' ny fanaovana famotorana ny olona nanimba zavatra olona, tokony ho sahy handray andraikitra ireo mpitandro filaminana voakasik'izany.

**Stefa**

Raharaha kolikoly avo lenta tany Londres

# Niaiky ny heloka vitany Romy Voos talen'ny kabinetran-dRajoelina

Niaiky ny heloka vitany tany Londres momba ny resaka kolikoly avo lenta, ny talen'ny kabinetran'i Andry Rajoelina teo aloha, Romy Voos Andrianarisoa, tamin'ny herinandro lasa teo, nanoloana ny fitsarana britanika araka ny notaterin'ny gazety Africa Intelligence.

Araka ny fitantaran'ny mpitantana ny orinasa Gemfields ihany koa dia nitaky vola 261000 euros sy anjara 5% amin'ny tetikasa fiaraha-miasa amin'ny Gemfields izy, sy i Philippe Tabuteau namany mpiara-miasa taminy.

Manodidina ny 10 taona an-tranomaizina ny sazy mety ho azon'i Romy Voos Andrianarisoa sy ny namany raha toa ka tsy miaiky ny helony izy ireo, ka tsy mampiseho fiaraha-miasa amin'ny fitsarana, izay voatazona amponja vonjimaika miandry ny fitsarana azy amin'ny 4 febroary 2024.

Raha ny marina, tokony hahavoasaringotra an'i Andry Rajoelina ity raharaha ity, satria talen'ny kabinetra amperinasany i Romy Voos, no sarona tany Grande Bretagne izao. Miseho ho tsy mahafantatra ny zava-misy anefa ny kandidà Andry Rajoelina, izay manatanteraka ny fampielezan-keviny ihany ankehitriny.

Raha tsiahivina, nalefan'i Andry Rajoelina nanatanteraka iraka tany Londres i Romy Voos Andrianarisoa, mba hifampiraharaha amin'ny orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany britanika Gemfields io. Tsy



*I Romy Voos Andrianarisoa.*

maintsy hisy ny ampamoaka hataon'i Romy Voos Andrianarisoa hilaza: hatraiza no mahatafiditra ny kandidà Andry Rajoelina amin'ity raharaha ity.

**Stefa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Leo an-dRajoelina sy ny fitondrana mandimby azy izao ny maro

Tena leo an-dRajoelina sy ny fitondrana mandimby azy amin'izao fotoana ny ankamaroan'ny olona, raha ny fanadihadiana sy famakafakana nataon'ny gazety. Mponina avy eny Alasora maro no tonga nahafoy fotoana nilahatra ho eny Sab-Nam mihitsy, matoa manao izao, dia fitiavana kandida vaovao fa tsy io Bruce Lee io indray hoy izy ireo. Tanora 10 mianadahy eo ho eo no niala bus Avaradrano teo Ilafy, nilaza mazava fa te-hampaneno vilany sy kiririoka rehefa mitaotao vovonana, haneho amin'ny be sy ny maro, fa efa leo ity fitondrana mpandainga ity koa. Ramatoa mibaby zaza iray aza dia nilaza mazava, fa izao no tolona iriany fa hampiverina an'i Dada eo amin'ny fitondrana. Mpifankatia anankiroa ihany koa teo anoloan'ny orinasa Somacou, nilaza fa tsy voavidy vola izahay matoa mitolona toy izao, mba ho antoky ny tokantranonay sy ny taranakay any aoriana, fa tsy fiainam-bazaha taratasy toy izao foana sanatria. Teo am-piandrasana ny fiaingana ho eny Sab-Nam omaly, dia nahavelom-bolo ny fahitan' ny rehetra ireto zandary sy polisy nandamina ny sisindalana, ka nanome hery ny fiara nifamezivezy tokoa. Vahoaka marobe no nifampiandry isaky ny toerana fijanonan'ny fiara fitaterana, ka vao miala amin'ny zotra H na bus 192, 194, 126, dia nisy hatrany olona te-hamonjy io filaharana io, ary nilaza mazava fa tsy voavidim-bola, satria kivy tanteraka tao anatin'izay fitondrana Rajoelina izay. Mpiasa maromaro avy amin'ny zone franche teny Ambohitrarahaba sy ny manodidina iny dia nilaza, fa faly tokoa mahita ny firaisankinan'ireo kandida 11, ka na tsy afaka milahatra aza omaly atoandro, dia nanambara fa tsy miala amin'izy K11 ireo mihitsy, fa efa tofoka tamin'ny teo aloha. Fehiny dia leo ny fitondrana Rajoelina nandritra ny 5 taona izay ny maro ary mila fanovana eto amin'ny firenena.

**Beharo**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Felantsoa R.

## Ny Valosoa sy hadihady

# Manararaotra fahantram-bahoaka sisa Rajoelina sy ny TGV

Manararaotra ny habadoana, sy indrindra ny fahantram-bahoaka sisa i Andry Rajoelina sy ny TGV amin'izao fotoana izao. Midika tsotra izao fa haratsian-toetra sy tena toetra maizina mihitsy izany, fa tsy maneho velively ny tanjaka. Mifototra amin'ireo mantsy tato anatin'ny volana vitsivitsy izao teny voizin'ireo mpiara-dia amin'i Andry Rajoelina sy ny tenany, ary izany rehetra izany dia tsy afaka lainga sy fampandriana adrisa hatrany ary fanasàna atidoha fotsiny an'izay marivo salosana. Ankoatra ny teny famitaham-bahoaka izany, araviravy ny vola izay tsy nisasarana fa azo tamin'ny fomba hafahafa samihafa tsy mendrika, atobaka hisintonana vahoaka , fa raha tsy manao izany dia tsy mahazo olona amin'ny hetsika izay atao. Ankoatra ny vola dia zavatra samihafa toy ny tee-shirt, satria izay ihany no hany ahafahana mahazo olona satria ireo tsy manana ary mora voarebireby. Misarika ny saina izany fa tena natao mihitsy izay hampahantra ilay vahoaka ho sahirana ara-pivelomana, ka mora baboina amin'ny fomba maloto toy izany rehefa migadona ny fotoam-pifidianana. Hoan'ny mpamakafaka rahateo, dia ny fitondrana Rajoelina raha vao niakatra teo amin'ny fitondrana dia tsy nihevitra afa-tsy izay hanaovana ny fifidianana manaraka afaka 5 taona, sy izay fomba handresena amin'izany. Dia tena manaporofo izany ny zavatra ataon'izy ireo ankehitriny.
Tsy mendrika tanteraka ny vahoaka Malagasy anefa izany fomba izany, ary tena hadisoan-dalana tanteraka ny an'ny fitaovana famoretam-bahoaka ampiasain'izy ireo isan'andro handrava ny hetsika fidinana an-dalambe tarihin'ny Vondron'ireo kandidà. Hetsika mitaky ny famerenana ny tany tan-dalàna eto amin'ny firenena sy ny fanoherana ny fidiran'i Andry Rajoelina ho kandidà kanefa mizaka ny zom-pirenena frantsay, ary koa ny fitakiana ny fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra. Ezahin-dry Andry Rajoelina sy ireo mpisolelaka ary mpanohana bontolo azy ny hanatanterahana amboletra ny fifidianana. Matoa manao izany fomba izany dia manao ny tsy marina ary tsy manaraka ny ara-dalàna, sy manosihosy ny Lalampanorenana. Ary ny ekipan-dRajoelina dia efa zatra ny fampiasana herisetra hiakarana eo amin'ny fitondrana toy ny tamin'ny taona 2009-2010 sy ny tamin'ny taona 2018. Zatra ny lalana toy izany izy ireo, ka mbola mihevitra ny hanao izany indray amin'izao fotoana izao. Fanimbana firenena tsotra izao anefa izany lalana izany ka tsy ekena intsony. Ny zava-nitranga hatramin'izay nataon'izy ireo aza izao ny vokany, ny sarambabem-bahoaka sy ny firenena no mitondra faisana. Tsy maintsy ovaina ny lalan'i Madagasikara manomboka izao, fa tapahana hatreo ny lalana nanimba firenena sy nampihitsoka azy hitoetra ho rambony hatrany miohatra amin'ireo firenen-dretra maneran-tany.

***Sôh'son***

GTT International

# Ny marina momba ilay rindrambaiko Predator novidin-dry Rajoelina

Nitondra fanazavana momba ilay rindram-baiko Predator novidin-dry rajoelina tsy am-piheverana ny GTT International na Gasy Tia Tanindrazana International. Tsy nanara-dalàna ny nifampivarotana izany teo amin'ilay orinasa sy ny fitondrana faha-Andry Rajoelina teo aloha teo, hoy ny fanazavana. Volabe 14 tapitrisa Euros, tokony ho nahavitana sekoly hatramin'ny 20, no nividianana izany, ka sady tsy am-piheverana no nanaovana azy, no fandanilaniam-poana ny volam-panjakana.

**Nangonin'i Ny Valosoa**

**GTT International : Dilapidation de l'argent public**
**Priorité à l'achat du logiciel d'espionnage PREDATOR pour se maintenir au pouvoir**

Il s'agit d'une transaction illicite appelé « Projet LOCO » entre la société française NEXA (ex-Amesys) et partenaire d'INTELLEXA et l'Etat malagasy, en 2021, pour l'achat du puissant logiciel de cybersurveillance PREDATOR, officiellement pour lutter contre la corruption et le crime organisé.
Or, la vente de tel matériel ne pouvait se faire sans une licence d'exportation obligatoire. Les matériels ont donc été convoyés discrètement par valises diplomatiques depuis l'Ambassade de Madagascar à Paris, évitant ainsi tout contrôle jusqu'à destination. A ce niveau, les deux parties ont déjà commis une entorse grave à la loi française.
Par ailleurs, le logiciel en question est en réalité utilisé à des fins politiques pour espionner et « éliminer des éléments dérangeants ». Il permet en effet de pirater les téléphones portables et surveiller massivement le réseau internet.
Résultat :

- Six ressortissants malagasy et français sont mis en détention pour « atteinte à la sûreté de l'Etat » et projet d'assassinat du chef de l'Etat. Les peines prononcées sont allées jusqu'à 20 ans de travaux forcés;
- Le journaliste Roland Rasoamaharo (La Gazette de la GI), très critique vis à vis de Rajoelina et suivi téléphoniquement depuis novembre 2020, est arrêté en mars 2023 et croupit encore en prison à ce jour.

En outre, il faut préciser que l'affaire est en instruction en France, car NEXA aurait violé la réglementation de plusieurs pays dont cette dernière. Les enquêtes ont montré que « PREDATOR serait utilisé par le pouvoir malgache dans le cadre de la campagne présidentielle de 2023 ».
Manifestement, la fin justifie les moyens pour Rajoelina qui veut à tout prix assurer sa réélection quitte à recourir à des pratiques illégales.
Rappelons que le logiciel en question coûte 14 Millions d'Euros, soit 63 756 000 000 Ar ce qui équivaut au budget total consacré à l'organisation des élections présidentielles.
D'où vient une telle somme sinon des caisses de l'Etat ? Comment peut-on dépenser une somme aussi faramineuse alors que le pays baigne dans la misère avec 81% de la population qui vit sous le seuil de la pauvreté ? Curieusement, aucune réaction de l'Assemblée Nationale devant une telle situation qui mérite pourtant la constitution d'une enquête parlementaire.
Avec une telle somme, on aurait pu construire, au bas mot, plus de 200 écoles !
Donc, le choix est clair et cynique à la fois pour Rajoelina : préférer à dilapider l'argent public pour rester au pouvoir plutôt que se soucier de l'avenir des enfants du pays.
C'est IRRESPONSABLE et SCANDALEUX !!

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Ny hevitry ny mpanao facebook

### Ireo ho mpikambana raha hisy Directoire Militaire

**Arphine Rahelisoa Helisoa :** Manambohinahitra Tafika sy Zandary.
Nilaza ny ho mpikambana raha hisy Directoire Militaire.

**Madagasikarako Taniko :** sampanan-dalana, andrasana izay ho réaction-an'i Bômba zany.

**Chelan Tokindrainy :** SEG, efa ela no niloko Politique. Marina ny an zareo raha lasa Fitaovana Politique ny Gendarmerie ! Mila mihetsika ianareo.

**Christian Ranaivoarivony :** tsy olana raha izay no hampisy fitoniana.

**Ernest Andrian :** mahavalalanina !

**Ralainirina Marcel Ericxah :** efa ho iray volana mahery eo no efa nikotrehan'ny tafika an'io fa tsy mety teraka .

**Pasteur Clariot Fjkm :** tsy teraka satria izay mba omena "information" kely dia maika hamoaka ato amin'ny fb hatrany dia tsy tafa.Tokony havela masaka tsara.

**Faliherisoa Fali Rakotobe :** resaka maimbo zan fa plan b ny frantsay io rehefa tsy tafa i Rajoelina. maninona tsy t@ ny Hcc vao nitongilana no tsy nandray ny andraikiny ny tafika ? fomba fanakanana ankolaka an i RAVALOMANANA io. Mila tonga saina ny tafika tsy ho atao fitaovana politika hiarovana ny tombotsoa an'ny mpanjanaka !

**Elia Andriamparany : Faliherisoa Fali Rakotobe :** tena marina tanteraka izany. Exactement tahaka ny niseho tao Gabon!

**Hanitra Ranaivosoa :** tandroka aron vozona nareo sa tafika aron'ny voasary e . Fa na zany aza TSY MILA DIRECTOIRE MILITAIRE e. TETEZAMITA IARAHA- MITANTANA no ilaina.

**Mimiche RaZa : Hanitra Ranaivosoa :** iarahana mitantana ahoana ? Tsy mila zany koa tsika a. Tsy loranjy mitantana tsony fa naman resy isika vahoaka rah zany no mitranga.

**Andria Rapary :** tokony mijoro mandrodana ny rafitra tsy mety dia mametraka rafitra vaovao tsy mitanila hirosoana amin'ny fifidianana fa tsy mila tetezamita :
-Mametraka ny tany ho tan-dàlana (miala ny kandidà frantsay)
-Manarina ny lisi pifidianana.
-Mandrava ny Ceni sy ny HCC ary manangana rafitra vaovao eken'ny rehetra hikarakara fifidianana.
Tokony hajanona amin'izay ny miaramila na zandary manao politika.
Rehefa manao politika dia miala amin'ny maha manamboninahitra azy dia lasa olon-tsotra na ao aoriana ny asa iandraiketana aza.
Dia mamindra ny fitantanana any amin'izay lany amin'ny fifidianana
Ferana 6 volana raha be indrindra ny fotoana hanatanterahana izany.

**Joelison Rafenomanantsoa :** angaha an'i SEG sy Gal Richard i Mcar koa inona no tsy hanavotana haingana ny firenena fa avela hifamono foana ny Gasy, mivavaka izahay mba hisy ho sahy hijoro ianareo tonga saina fa tsy mijanona eo fotsiny.

**Mabin Rafenomanantsoa:** tokony tena ho vahaolana io Directoire Militaire io, ireo manamboninahitra am-perinasa no ho ao.

## TONONKALO

### *Tompondaka amin'ny fitsikilovana koa ?*

Nolaniana indray ny vola ho amin'ny fitsikilovana
Fa izay no mahamaika mialoha ny fifidianana ?
Dia ahoana ireo mahantra sy ireo fadiranovana,
Tsisy vidiny aminao f'aleo hanolanolan-tanana ?

Volabe miliara anie ity nolaniana ho amin'izany,
Nefa tsy hiteraka inona ho an'i Madagasikara.
Sa tsy gasy intsony moa ka tena tia mandanilany,
Efa nivadika ho vazaha ka mitsikilo indray no tsara ?

Nolaniana indray ny vola ho amin'ny fitsikilovana ?
F'angaha dia tsy matoky tena, angaha tsy tompondaka indray?
Efa izay atao rehetra no indro feno fahalovana,
Hany ka mitebiteby sy manomboka ho fay ?

...Mandiniha ka mihevera ry olon-tsy milamin-tsaina,
Tsy ianao ilay andrandraina hanavotra ny firenena.
Ary dia tsarovy koa, tsy ho ela ianao dia hotsaraina
Ka ny mety, 'ndeha mimpirina, izay no tena fahendrena !

***TSIMIMALO (26-10-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ny diabe am-pilaminana nataon'ny vondron'ireo kandidà ny alakamisy teo, teny Anosy, Anosibe ary Namontana.**








**Mitokona ny mpiasan'ny Antenimierampirenena eny Tsimbazaza.**






## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Izay nasehon'Andriamanitra tamin'ny rany ho fanavotana amin'ny finoana, hanehoana ny fahamarinany amin'ny tsy namalian'Andriamanitra ny fahotana lasa tamin'ny nandeferany."*
***Romana 3:25***

**FIFANINTSANANA « COUPE DU MONDE 2026 »**

# Amin'ny 17 novambra no hihaona i Ghana sy Madagasikara

Amin'ny 17 novambra 2023 izao amin'ny 04 ora hariva (7 ora hariva eto Madagasikara), ao amin'ny kianja « Stade Baba Yara - Kumasi Ghana », no hihaona eo amin'ny andro voalohan'ny fifanintsanan'ny « Coupe du Monde 2026 » amin'ny baolina kitra ny Black Star – n'i Ghana sy ny Barea de Madagascar. Marihana fa ao amin'ny Vondrona I miaraka amin'i Mali, Ghana, Centrafrique, Comores, Tchad i Madagasikara, amin'ity fifanintsanana ity.

***Rainilita***



**Basket N1A, 2023**

# Anio sabotsy ny ankatoky ny famaranana

Raha tanteraka omaly zoma 27 oktobra 2023 ireo lalao 1/4-dalan'ny fifaninanana basikety, fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara N1A sokajy vehivavy tetsy amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina, ka nifanandrinan'ny Mb2All Analamanga sy Serasera Vakinankaratra, ny Tgbc Betsiboka sy Fandrasa Matsiatra Ambony, ny Jea Vakinankaratra sy Ankaratra Vakinankaratra, ny Gnbc Analamanga sy Ascut Atsinanana ary tamin'ny alakamisy 26 oktobra 2023 teo, no nanatanterahina ny fifanintsanana farany hoan'ny sokajy lehilahy, ka nahazoana ny vokatra : Sbc Vakinankaratra 47 – 78 Cospn Analamanga, Bcb Boeny 64 – 84 Ascut Atsinanana, Mbc Atsinanana 62 – 72 Tgbc Betsiboka, Fanalamanga Alaotra Mangoro 64 – 114 Gnbc Analamanga ka nanome ny filaharana ankabobeny raikitr'ireo ekipa 8 nandray anjara taorianan'io alakamisy io : 1°-Ascut Atsinanana isa 13 (+8), 2°-Gnbc Analamanga isa 13 (-1), 3°-Cospn Analamanga isa 13 (-7), 4°-Tgbc Betsiboka isa 11 (-100), 5°-Bcb Boeny isa 9 (+4), 6°-Mbc Atsinanana isa 9 (-4), 7°-Fanalamanga Alaotra Mangoro isa 8 (+5), 8°-Sbc Vakinankaratra isa 8 (-5) dia androany sabotsy 28 oktobra kosa no hanatanterahana an'ireo ankatoky ny famaranana rehetra eo amin'ireo sokajy ireo.

***Rainilita***




*Basket N1A, 2023.*

**Kianja Makis Andohatapenaka**

# Hifandrindran-dalana ny lalao Rugby à 7 sy rugby à 11




*Rugby eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka*

Handray lalao rugby à 7 sy rugby à 11 miaraka ny kianjan'ny Makis Andohatapenaka anio sabotsy 28, sy rahampitso alahady 29 oktobra 2023, ao anatin'ny hetsika fanamarihana ny faha-40 taonan'ny Cosfa Miaramila. Ho maimaim-poana ny fidirana eny amin'ny kianja Makis amin'ireo roa andro ireo, ka anio sabotsy 28 oktobra no hanomboka ny fifanintsanana « Tournoi Rugby à 7 » ary rahampitso alahady 29 oktobra kosa vao tena hifandrindran-dalana ny « Tournoi rugby à 7 » sy ny « Rugby à 11 Championnat fédéral 2 » Fandaharam-potoana alahady 29 oktobra : 08 h 30 – 10 h 30 : fifanintsanana rugby à 7, 11 h 00 : « Rugby à 11 Championnat fédéral 2- XV Family Vondrona # Afa Ankazomanga. 13 h 30 : Famaranana rugby à 7.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa




Henomby sy karaoty indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao ritra izany, azo atao rony koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Misoroka ny fahanteran'ny hoditra ny atody sy vahona

Misoroka ny fahanteran'ny hoditra ny atody sy ny dintina vahona, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Zavatra ilaina :
-atody manta 1 rehefa atody dia mety.
-dintina vahona 1 sotrokely.
Afangaro ireo dia 15-20min ny faharetany amin'ny tarehy, kobanina amin'ny rano matimaty avy eo. Atao in-3 isak'herinandro.





## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Tanànan'Ampasimbe Onibe distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ampasimbe Onibe distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ampasimbe Onibe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny vomanga, ny voankazo: toy ny manga, ny letchi; ny jirofo, ny kafe. Misy mpanjono koa ny mponina any an-toerana, ankoatra ny mpamboly sy mpiompy.



RAHARAHAM-PIRENENA

# Tsy hisy fifidianana eo raha tsy eo i Andry Raobelina

Nanao fanambarana tamin'ny kaonty facebook-ny ny kandidà Andry Raobelina mhakasika ny eson-teny nataon'ny kandidà Andry Rajoelina azy, niresaka koa izy ny momba ny fifidianana. Nambarany fa tsy hisy fifidianana izany eo raha tsy eo ny tenany Andry Raobelina. Hoy indrindra izy:''ho anao ilay milaza azy ho kandida, nefa tsy manana zom-pirenena malagasy, izay matahotra mafy Fahamarinana sy Fifidianana Madio ary Mangarahara, dia tsy mety hiditra amin' izany, ilay mihomehy ny fahavoazan'ny hafa, izay nilaza fa mody marary maso aho miaraka amin' ny eson-teny... Hamindra fo aminao anie Andriamanitra. Tsy maintsy mipoaka ny sarombilany ; tsy maintsy ho avy ny fahamarinana ; tsy hisy fifidianana tsy misy an-dRaobelina Andry mijoro". Na atao amboletra tokoa ary ny hanatanterahana ny fifidianana amin'ny 16 novambra ho avy izao, raha ny fahitan'ny mpanarabaovao azy, tsy hisy fa hihemotra io fifidianana io. Harahantsika eto ihany tokoa ny ho tohiny.



*Ny kandidà Andry Raobelina mitsabo tena, mitsabo ny masony atsy amin'ny Nosy Maorisy.*

***Niaina***

Zandarimaria Itaosy

# Nanentana tanora amin'ny ady amin'ny zava-mahadomelina sy herisetra

Nanentanana tanora tamina sekoly teny Andranonahoatra Antananarivo Atsimondrano omaly, ny zandariamriam-pirenena teny Itaosy. Zandary manakaiky tanora no loha-hevitr'izany fanentanana izany. Nanao tantsoroka amin'ny fanabeazana ny tanora izy ireo, tao amin'ny Lycée Joseph Ravoahangy Andrianavalona Andranonahoatra, notarihan'ny Lehiben'ny Tobim-paritry ny zandarimaria nasionaly Itaosy. Zavatra 4 no noresahana nandritra izany dia ny ady amin'ny herisetra, ny ady amin'ny fironana amin'ny kilalao misy vola( jeux de hasard), ny ady amin'ny zava-mahadomelina ary ny fampianarana fanajana ny fiandrianam-pirenena.
Ratsy endrika eo imason'ny maro amin'izao fotoana ny zandary, noho izy ireo lasa herim-pamoretan'ny mpitondra jadona misy eto, ka izao miezaka mamerina ny momba azy izao.

***Aly***



*Teny Andranonahoatra Atsimondrano.*

Famaranana amboara eran-tanin'ny rugby 2023

# Samy vonona ny All Blacks sy ny Springboks

Samy vonona ny ekipan'ny All Blacks Nouvelle-Zélande sy Springboks Afrique du Sud, hiatrika ny lalao famaranana taranja rugby fiadiana ny amboara eran-tany 2023, izay ho tanterahina ao amin'ny kianja « Stade de France » anio sabotsy 28 oktobra 2023 hanomboka amin'ny 10 ora alina (ora frantsay) . Marihana fa omaly zoma 27 oktobra alina dia nisy ny lalao « après saison », izay karazana fanokafam-bavony nifanandrinan'ny Los Pumas Argentine sy ny XV de la Rose Angleterre.

***Rainilita***





*All Blacks sy Springboks.*

Nicolas Dupuis

# Hanazatra ny ekipam-pirenen'i Soudan Atsimo indray

Hanazatra ny ekipam-pirenen'i Soudan Atsimo ny Bright Stars indray, ny mpanazatra ny Barean'i Madagasikara teo aloha, Nicolas Dupuis. Araky ny nambaran'ny Federasionan'ny baolina kitra any Soudan Atsimo, nahazo mpanazatra vaovao izy ireo. Ao anatin'ny 3 taona ny fifanarahana nanaovana sonia. Iray volana taorian'ny nialan'i Stefano Cousin dia tonga ity mpanazatra ny ekipam-pirenena Malagasy teo aloha ity. Arak'izany dia efa any Juba, renivohitr'i Soudan Atsimo ity mpanazatra teratany Frantsay ity, hanazatra ny ekipam-pirenena any an-toerana.

***Lita***





*Nicolas Dupuis, sy ny filohan'ny Federasiona ny baolina kitra any Soudan Atsimo.*

Coupe de Madagascar volleyball U23, 2023

# Raikitra any Mahajanga hanomboka anio



*Ny kianja Complexe Sportif Ampisikina Mahajanga.*

Raikitra ao amin'ny kianja «Complexe Sportif Ampisikina Mahajanga» hanomboka anio sabotsy 28 oktobra 2023, aorianan'ny dinika tekinika, ny fifaninanana volleyball fiadiana ny Amboara 2023 ho an'ny sokajy U23. Tsiahivina fa ekipa zatovolahy miisa 12 ary ekipa zatovovavy miisa 09, no handray anjara amin'ity fifaninanana ity, izay tsy hifarana raha tsy amin'ny sabotsy heriny 04 novambra 2023 ho avy izao.

***Rainilita***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**21/10/2023 hatramin'ny 28/10/2023**

- **SAKAIZA** (Antohamadinika) 034 92 159 03/032 12 002 03
- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1489-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**JIRAMA MORONDAVA**

# Namoizana ain'olona sy naharavana fananana ny delestazy

Namoizana ain'olona sy naharavana fananana ny delestazin'ny Jirama tany Morondava faritra Menabe. Raim-pianakaviana iray 87 taona, antsoina hoe Ravelomanantsoa Gilbert no maty; olona roa no naratra; rava tao anatin'ny ora vitsy ny biraon'ny Médecin inspecteur sy ny trano fonenan'ny talem-paritry ny fahasalamam-bahoaka, vokatry ny hain-trano nitranga tao Morondava ny sasakalin'ny alarobia 25 oktobra nifoha alakamisy 26 oktobra 2023 teo . Trano lehibe misy efitra 11 ity kilan'ny afo ity. Birao fiasan'ny Médecin inspecteur Morondava ny ambany rihana, ary fonenan'ny talem-paritry ny Fahasalamana Menabe ny ambony, ka rain'ny talem-paritra ilay namoy ny ainy efa tamin'ny folo ora sy sasany ny marainan'ny Alakamisy vao hita ny razana. Rava kosa ny entana sy fitaovana rehetra tao an-trano sy tao anatin'ny birao. Anisan'izany ny solosaina maromaro, imprimante, "outils de gestion" avy amin'ny UNICEF, ary antontan-taratasy maro. Raha araky ny angom-baovao azo dia tao aorian'ny fiverenan'ny jiro tampoka no nisy afo niakatra avy ao amin'ny compteur nahazo ny efitrano ambony . Noho ny hafainganan'ny fiitaran'ny afo dia tsy nisy azo natao afa-tsy ny niandry ny mpamonjy voina namono ny afo. Sarotra ny famonoana ny afo noho ny olana amin'ny rano, ka na ny maraina nandritra ny fikarohana ny razana aza dia mbola tsy maty tanteraka ny afo . Tao aorian'izay dia nanao fanambarana ny tompon'andraikitry ny Jirama mahakasika ny olana amin'ny delestage izay misy ato amin'ny renivohitry ny faritra Menabe, ka nilaza izy, fa nisy ny fanoloana milina mpamokatra rianaratra eto Morondava nanomboka ny 26sept lasa teo ary efa nisy ny lamina noentin' izy ireo tamin'ny fanatanterahana an'izany, saingy tojo olana ara-tekinika ary nahitana olana ihany koa ny panneau solaire dia najanona izy izao fa ny groupe no mamatsy rianaratra ny tanànan'i Morondava amin'izao, ka noho izay no nahatonga ny fahatapahana lava hoy ny talen'ny Jirama ary efa miezaka ny Jirama amin'ny famerenena ny famatsiana ny jiro sy rano araka ny tokony ho izy. Nolazainy kosa fa tsy mbola ho foana ny delestage toy ny mahazatra, nitondra teny fialan-tsiny ho an'ny vahoakan'i Morondava ny tenany nandritra ny tafa nifanaovany tamin'ny mpanao gazety.

***Rajepa***



*Ilay trano may tany Morondava.*

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Manana vahaolana amin'ny mampihitsoka ny firenena

Mandalo krizy ny firenena ankehitriny, indrindra miditra amin'izao telo volana farany amin'ity taona 2023 izao. Eo ny krizy ara-tsosialy noho ny fidangan'ny sondrobidim-piainana atrehin'ny sarambabem-bahoaka andavanandro. Efa manomboka mihizihizy manambana amin'ny fiakarana ambonimbony kokoa hatrany ny vidim-bary, sy ireo entana fanjifan'ny mponina andavanandro, izay hanahirana tokoa miditra ny faran'ny taona. Vao mainka ary izany hihamafy miditra ny fotoam-pahavaratra sy indrindra ny maitsoahitra. Io krizy ara-tsosialy io anefa ankehitriny taingenam-bozon'ny krizy ara-politika ihany koa amin'izao fotoana izao. Ity krizy ity anefa no ho fotoan-tsarotra hanahirana indrindra ary tsy mbola fantatra izay hiafaràny tanteraka. Izany rehetra izany midika fa tafiditra lalan-tsarotra tanteraka ny firenena.


Mitaky vahaolana maika izany toe-javatra amin'ny fiainampirenena izany. Afaka manolo-tanana ho amin'ny fanomezana tolo-kevitra nisorohana izany rehetra izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Manana efa hatramin'ny ela izy ny amin'ny antsoiny hoe Andry fototra izay miisa sivy (9), izay vahaolana amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny lalan-dison'ny firenena. Anisan'ny olana fototra eto amin'ity firenena ity ny tsy fisian'ny fifampitokisana izay miharihary tanteraka izany amin'izao fotoana izao. Ny vahaolana amin'izany dia efa eo an-tanan'ny AFK amin'ilay Andry fototra sivy izay manana ivo tsirairay avy. Ny fanatomombanana ny asa dia miaraka amin'ny fampiasana ilay rindrambaiko (logiciel) Tenaïkos, izay manana fahafahana manao asa tena ilaina amin'ny famahana olana samihafa mitranga eto amin'ny firenena ary hatrany amin'ny asa sahanin'ny fikambanana sy fiangonana mihitsy aza. Tsiahivina hatrany fa manam-pahaizana Malagasy mpiray tanindrazana ihany no nikaroka sy nahavita izany. Afaka miara-miasa amin'ny sokajin'olona rehetra eto amin'ny firenena ny AFK, ary izy rahateo tsy fiangonana ary tsy manao politika. Ho an'izay liana ny fifandraisana: 0341746053.

***Aris***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 448**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0447)

***Mitsivalana***
- Mahasaky
- Fefy (miv)
- Janoary
- Ako (miv) –
Anio (miv)
- Tataka
- RM – Nay
- Ovaina

***Mitsangana***
- Mijotso
- Afaka
- Henatra
- Afo – Amy
- (L)aok(a)
- Aoriana
- In
- Fy (miv) – Avia

### TENY MIFANARAKA N° 448




**Mitsivalana**

**1.** Manambara – Reraka **2.** Taranaka, fiaviana fahiny (miv) – Aro orana (miv) **3.** Ao amin'ny filazantsara – Atsipazo lavitra **4.** Voavonjy **5.** Asianao, iangavianao mandeha **6.** Fifanarahana – Tanàna (miv) **7.** Aviavy – Tovona – Mampisafidy **8.** Anelanelan'ny fito – Tsotra **9.** Gaga sy talanjona **10.** Tsy tsaroana – Tsy takatra

**Mitsangana**

**A.** Manao fitaka **B.** Ampela (miv) – Sahala (miv) **D.** Fenoina loto – Isa Romana **E.** Zava-maniry tsy misy mpiahy – Tsirinteny Mpanao **F.** Minitra sy segondra – Betsaka **G.** Toerana – Fisalasalana **H.** Fiandohan'ny làlana – Naoty (miv) – Aro moka (miv) **I.** Fanasanareo (miv) **J.** Toeram-pandevenana (miv) **K.** Daholo

### Valiny Teny mifanaraka 0447

**Mitsivalana**

**1.** Mpanjaka **2.** Toa (miv) - Zotra **3.** Ntaolo - (L)aok(a) **4.** Divay - Vovo **5.** (B)ok(y) - Lova - An **6.** Sa - Akoho **7.** Amalona **8.** Tena - Voina (miv) **9.** Inona - Ka **10.** Avoaka - Lay

**Mitsangana**

**A** Mandositra **B.** Potika **D.** Vata (miv) - Anio **E.** Anamalao (miv) **F.** Lioka - OK **G.** Azo - Volana **H.** Ko - Vahona **I.** Atao - Ony **J.** Rova - aoka **K.** Takona - Vay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ny hetsik'ireo vondron'ny kandidà tany Avaradrano omaly, teny Ambohitrarahaba, Ankadikely ary Sabotsy Namehana.**















